



# Tolo-kevitra ho an'ny Fijerena sy fitsidihana ireo Primata mivoaka amin'ny alina

A publication of The IUCN SSC Primate Specialist  
Group Section on Human-Primate Interactions



Magdalena S. Svensson<sup>1,2</sup>, Sharon Gursky<sup>3</sup> & Angela M. Maldonado<sup>1,4</sup>

<sup>1</sup> *IUCN SSC Primate Specialist Group Section on Human-Primate Interactions &*

<sup>2</sup> *Nocturnal Primate Research Group, Oxford Brookes University, UK*

<sup>3</sup> *Department of Anthropology, Texas A&M University, College Station, TX, USA*

<sup>4</sup> *Fundacion Entropika, Leticia, Colombia*

*Dikantenin'i: Seheny Andriantsaralaza*

## Teny Fampidirana

Ny primates mivoaka amin'ny alina dia misy eran'izao tontolo izao, misy gidro mivoaka alina any Amerika, pottos, angwantibos ary galagos any Afrika, varika any Madagasikara, ary loris sy tarsiera any Azia. Ny fitomboan'ny fizahan-tany mijery ireo primata dia midika ihany koa ny fampitomboana ny asan'ny mpizaha tany mifandray amin'ireo primata mivoaka alina ireo. Ny fitsidihana dia ahitana ny fandehanana antongotra amin'ny alina amin'ny fonenan'ny primates mivoaka amin'ny alina. Ny fizahan-tany mitsidika ireo primate mivoaka amin'ny alina dia mety ahitana ny biby aseho amin'ny fahi-bibidia, ampirisihina ho tonga amin'ny sehatra famahanana any amin'ny hotely, na aseho amin'ny antoandro mba hifaneraseran'ny mpizahan-tany izay ka mety hisy fiantraikany amin'ireo fiainan'ny [primata izany](#).

Amin'ny ankapobeny ny primata mivoaka amin'ny alina dia tena mahalalan-tsaina be, toy izany ny fahitany, ary maro no manana maso lehibe raha oharina amin'ny haben'ny vatany, ary cornea lehibe mifandraika amin'ny haben'ny maso mba hanonerana ny haavon'ny hazavana ambany kokoa amin'ny alina. Noho izany, dia tena saro-pady aminy ny hazavana artifisialy izy ireo (ohatra, hazavana fotsy manjelatra, loharano LED ary tselatra fakan-tsary), ary mety hisy fiantraikany ratsy amin'ny fahasalamany. Ny primata mivoaka amin'ny alina koa dia manana fandrenesana saro-pady, ary ny tabataba be loatra dia mety hanimba sy hanakorontana, satria ny tabataba dia mety hiteraka adintsaina sy olana ara-pahasalamana, ary hampihena ny fananahany. Rehefa misafidy mpitari-dia / mpitari-dalana dia ataovy azo antoka fa manaraka ny tolo-kevitra eto ambany izy ireo.

## **Tolo-kevitra**

### **Alohan'ny fitsidihana**

- Ataovy azo antoka fa vita ny vaksininao sy ny fitsapana ataonao mba tsy hamindra amin'ny olona eo an-toerana na ireo primata.
- Fadio ny mitsidika primata raha tsy salama ianao na mampiseho famantarana aretina, mba hampihenana ny mety ho fifindran'ny aretina.
- Ny vondrona mpizahan-tany vitsy kokoa no tsara indrindra, hatramin'ny olona enina raha betsaka indrindra. Izany dia manamora ireo mpitari-dia miantoka ny fiarovana ny rehetra amin'ny alina. Ny vondrona vitsy ihany koa dia tsy hanelingelina ny primata ary hanome fahafahana bebe kokoa hahita primata sy biby hafa.
- Mba tsy hanelingelina ny primata, fadio ny mampiasa zava-manitra na zavatra misy DET.
- Ataovy azo antoka fa mitondra na omena jiro mena sy fotsy ny mpandray anjara, fa tsy jiro fotsy mahazatra, mba tsy hanelingelina ny primata mivoaka alina. Ireo biby ireo dia tsy afaka mahita hazavana mena, fa ny loharano fotsy dia azo inoana fa hanajamba azy ireo. Mila fotoana kely ny mason'ny olombelona vao zatra mahita ao ambanin'ny jiro mena fa avy eo zatra ihany. Na izany aza, tsy mety raha mampiasa jiro fotsy miaraka amin'ny fotoana iray ny mpikambana iray ao amin'ny vondrona.
- Maro amin'ireo primata mivoaka alina no manana sosona taratra eo amin'ny masonry, ka mora hita izy ireo amin'ny fampiasana jiro. Na izany aza, tadidio fa na dia kely aza ny hazavana dia hitaratra ny famirapiratan'ny maso, ka tsy ilaina ny jiro matanjaka.
- Ataovy azo antoka fa manana fotoana ampy hanaovana fampahafantarana alohan'ny dia an-tongotra alina ianao.

### **Rehefa tonga eny amin'ny toerana fitsidihana**

- Vonoy ny findainao.
- Avereno jerena, miaraka amin'ny vondrona misy anao, ny fomba fampiasana tsara ny jiro ary ataovy azo antoka fa efa nampiasa izany ny rehetra teo aloha.
- Ampahatsiahivo ny vondrona misy anao fa maro ny jiro mamela anao hanova ny lalana sy ny lokon'ny hazavana.
- Tsarovy fa ny taratry ny famirapiratan'ny maso ihany no hitanao raha eo akaikin'ny masonao ny loharanon-jiro, ka raha mampiasa fanilo entin-tanana ianao dia tazony amin'ny haavon'ny maso izany.
- Tadidio fa tsy ny biby rehetra amin'ny alina no mamiratra maso.

## Mandritra ny fitsidihanao

- Mandehana miadana sy mangina mba tsy hanelingelina ny primata sy ny biby hafa, manome fahafahana ny mpandray anjara hahita karazana biby bebe kokoa ao amin'ny toeram-ponenany voajanahary.
- Mampiasà loharanom-pahazavana fotsy ihany rehefa mandeha amin'ny faritra be havoana sy sarotra, ho fiarovana. Aza hadino ny mampiasa jiro mena rehefa mahita primate na biby hafa ianao.
- Fehezo ny fotoana iarahana amin'ny biby tsirairay sy ny fotoana hamirapiratanao ny biby tsirairay mba hampihenana ny korontana. Manoro hevitra 5 minitra fara-fahakeliny izahay.
- Raha maka sary ianao dia aza mampiasa tselatra.
- Aza mikasika ny biby sendra anao na ny manodidina azy, ho fiarovana azy ireo sy ho anao.
- Mijanòna farafahakeliny 7 metatra miala amin'izay biby sendra anao.
- Fadio ny manimba zava-maniry hijerena primata.
- Aza manary fako ao anaty ala na eny an-dalana.
- Aza mifoka sigara eo akaikin'ny primata.
- Fadio ny fandraisana anjara amin'ny hetsika izay manararaotra ny primates ho fitaovana atao sary.



Nancy Ma's night monkey (*Aotus nancymaae*).  
Photo credit B. Wittemann Entropica.

## Raha mila fanazavana fanampiny

Aure, B. and Escabi-Ruiz, C. M. 2005. Tarsier talk: tarsiers, hunters, and eco-tourism in Corella, Bohol. *Philippine Q. Culture Soc.* 33: 76–99.

Fuller, G., Raghanti, M. A., *et al.* 2016. A comparison of nocturnal primate behavior in exhibits illuminated with red and blue light. *App. Anim. Behav. Sci.* 184: 126–134.

Hall, M. I., Kamilar, J. M. and Kirk, E. C. 2012. Eye shape and the nocturnal bottleneck of mammals. *Proc. Roy. Soc. B* 279: 4962–4968.

Nyungwe National Park. 2021. *Stargazing tour in Nyungwe Forest*. Available online: <https://www.insidenyungwenationalpark.com/stargazing-tour-in-nyungwe-forest/> [Accessed 12 May 2021].

Osterberg, P. and Nekaris, K. A. I. 2015. The use of animals as photo props to attract tourists in Thailand: a case study of the slow loris *Nycticebus* spp. *TRAFFIC Bull.* 27: 13–18.

Plumptre, A. J., Sterling, E. J. and Buckland, S. T. 2013. Primate census and survey techniques. In: *Primate Ecology and Conservation: A Handbook in Techniques*, E. J. Sterling, N. Bynum and M. E. Blair (eds.), pp. 10–26. Oxford University Press, Oxford.

Reuter, K. E. and Schaefer, M. S. 2016. Captive conditions of pet lemurs in Madagascar. *Folia Primatol.* 87: 48–63.

Svensson, M. S. and Bersacola, E. 2013. Sightings of thick-tailed greater galago *Otolemur crassicaudatus monteiri* (Bartlett in Gray, 1863) near Lake Mburo National Park, South Uganda. *Afr. Primates* 8: 63–66.